Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 ,rue de Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél: 01 45 96 03 05

Athis-Fanantenana

Siège Paroissial : Centre Paroissial 10, Rue Etienne Lebeau
Lieu de Culte : Église Saint-Denis , 8 Place de l'Église 91200 ATHIS-MONS
Tél : 01.69.38.53.26 & 06.52.53.22.56 & 06.41.84.95.81

---

*« … Ary Kristy Jesoa no fehizoro indrindra ; ao Aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo»*

**(Efesiana 2 :20b-21)**

**ALATSINAINY 11 AVRIL 2022**

**HERINANDRO MASINA**

**Mitarika sy mitoriteny : Ny Mpitandrina RAZAFIMAHATRATRA Marcellin Ismaël**

---

**Zava-maneno (mitsangana ny Fiangonana)**

**Mpitarika:** Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

**Fiangonana:** Amen

**FIARAHABANA APOSTOLIKA**

**FIHAONANA SY FANKALAZANA AN'ANDRIAMANITRA (mitsangana)**

**Salamo Fiderana**

**Mpitarika :** ***Hiara-mankalaza sy hidera an'Andriamanitra isika amin'ny famakiantsika ny Salamo***

**Fiangonana: «1Famindrampo sy fitsarana no hankalazaiko; Ianao, Tompo ô, no hoderaiko. 2Hitandrina ny lalana marina aho. Rahoviana no ho tonga atỳ amiko Ianao? Handeha amin'ny fahitsian'ny foko ao anatin'ny tranoko aho. 3Tsy hampitoetra zava-dratsy eo anoloan'ny masoko aho; halako ny fanaon'ny mpivadika, tsy ho azon'izany aho. 4Halaviriko ny fo maditra; tsy hankasitraka izay ratsy aho. 5Izay manendrikendrika ny namany mangingina dia hofongorako; izay miandranandrana sy miavonavona am-po dia tsy zakako. 6Hijery izay olona mahatoky amin'ny tany ny masoko mba hitoerany ato amiko; izay mandeha amin'ny lalana marina no hanompo ahy. 7Tsy mba hitoetra ao anatin'ny tranoko izay manao fitaka. Tsy mba hijanona eo anoloan'ny masoko izay milaza lainga. 8Haringako isa-maraina ny ratsy fanahy rehetra amin'ny tany mba hamongorako ny mpanao ratsy rehetra tsy ho ao an-tanànan'ny Tompo.» (Salamo 101 )**

**Hira FF7**

**VAVAKA FANATONANA SY FIDERANA**

**Feon-java maneno fohy.**

**FAMAKIANA NY SORATRA MASINA**

**Fiomanana amin'ny Vakiteny sy ny Toriteny**

**Hira 164 :1**

**Mpitarika:** (vavaka hampahazava ny Teny)

**Fiangonana:** Amen

Filazantsara: **Lioka 19 :47- 20 :19 (mitsangana ny Fiangonana)**

**Fiangonana: Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara ! Amen( hiraina)***

**FANEKEM-PINOANA (mitsangana)**

**Mpitarika:** ***Miaraka amin'ny Fiangonana kristiana rehetra manerana ny tany dia manambara ny finoantsika isika*** **:« Mino an'Andriamanitra Tsitoha aho, Izay Mpanao ny lanitra sy ny tany. Andriamanitra dia Fanahy. Andriamanitra dia fitiavana.Andriamanitra dia manjaka hatramin'ny taloha indrindra ka homandrakizay. Andriamanitra dia mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy.Mino an'i Jesoa Kristy,Zananilahy Tokana, Tompontsika aho. Tonga izy hitady sy hamonjy ny very. Izy no làlana sy fahamarinana ary fiainana. Izy dia tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Mino ny Fanahy Masina aho. Izy no manambara amin'ny**

**fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika. Fanahy iray ihany no nanaovam-batisaantsika rehetra ho tena iray. Ny fandresena izay enti-mandresy izaotontolo izao dia ny finoantsika. Tompo ô, ampitomboy ny finoanay. Amena. »**

**Hira 164 :2 (mitsangana)**

**TORITENY**

**Fitahiana : «**Ho aminareo anie ny Fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompo, sy ny Fitiavan'Andriamanitra Ray ary ny Firaisana avy amin'ny Fanahy Masina. Amena**. »**

**Feon'orgue malefaka dia malefaka sy vavaka mangina**

**ANTOKO MPIHIRA (FIDERANA -LOUANGE)**

**FILAZAN-DRAHARAHA FOHY**

**VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA (Prière d'intercession)**

**Hira FF29**

**TSODRANO**

**Mpitarika:** Ho aminareo anie ny Tompo*

**Fiangonana:** Ary ho amin'ny fanahinao*

**Mpitarika:** « Ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'ny fahalalana sy ny fitiavana an'Andriamanitra sy Jesoa Kristy Zanany Tompontsika » (Fil.4 :7).

**Fiangonana:** Amen

**Mpitarika:** Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, amen.Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo ary torio amin'ny teny sy ny asa ny Filazantsara.

**Fiangonana:** Isaorana anie Andriamanitra.

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.Amen